# Ilay Voa Tsara Nafafy 11 Septambra 2018

**11** **Talata**
septambra

**Ary dia naneso *(naneso an'i Jesosy)* toy izany koa ny lohan'ny mpisorona mbamin'ny mpanora-dalàna sy ny loholona ka nanao hoe : Ny sasany novonjeny; fa ny tenany tsy hainy vonjena.** Matio 27. 41, 42

**Izy *(Jesosy)* no Lohan'ny fanapahana sy ny fahefana rehetra ... Ary nesoriny tsy ho eo amin'ny tenany ny fanapahana sy ny fahefana, ary noho ny hazofijaliana dia nasehony miharihary ny fitòndrany ireo toy ny fanaon' izay avy nandresy.** Kolosiana 2. 10, 15

### Jesosy, mpandresy sa resy ?

Indray andro ity gazety fanta-daza iray dia nanao matoandahatsoratra nomeny lohateny mihantsy hoe : Resy ve Jesosy ?

Raha mijery maimaika, dia mety hihevitra fa resy tokoa Izy : dieny vao teraka Izy dia efa nolavin'ny fireneny. Niaina tao anaty fahantrana Izy, nijaly, nivadihan'ny mpianany, nilaozany. Ny andininy voalohany nomena antsika androany dia maneho ny fanambaniana an'i Kristy, tamin'ny fomba niresahan'ny fahavalony Azy. Nony farany dia nohomboana teo amin'ny hazofijaliana Jesosy, ary maty. Fijery ivelany ihany, nefa, izany toa faharesena izany. Nandritra ny fandalovany etỳ an-tany, dia nanasitrana ny marary Jesosy, nandositra noho ny teniny ireo demonia, nahiratra ny jamba, nanjary nahare ny marenina. Na i Satana aza, dia vaky nandositra rehefa nanandrana naka fanahy an'i Jesosy tany an-taniefitra.

Fa teo amin'ny hazofijaliana no resy tanteraka ny ota, ny fahafatesana ary ny herin'ny ratsy. Niharihary io fandresena io, tamin'ny tsy nijanonan'ny Tompo Jesosy tao am-pasana : nitsangana tamin'ny maty Izy ! Taorianan'ny nahafatesany dia vavolombelona maro no nahita Azy velona. Avy eo dia niakatra any an-danitra Izy, porofo fa vita tanteraka, ho voninahitr' Andriamanitra, ny asa nataony.

Ankehitriny dia tsy maintsy mino Azy, mba ho tafaray mandrakizay amin'Ilay „Mpandresy". Hoy Jesosy amintsika : „Atỳ amin'izao tontolo izao no ahitanareo fahoriana ; nefa matokia ; Izaho efa naharesy izao tontolo izao" (Jaona 16. 33). Hiverina tsy ho ela Izy, hanjaka eto an-tany, handevona ho mandrakizay ny fahavalony rehetra ; ary hiara-manjaka aminy ireo izay navotany. Jesosy Kristy no Ilay Mpandresy ho mandrakizay.